MPANAKANTO « NEVA »

# Mitrandraka ny gadona « Tôsitôsy »

Ilay gadona nentim-paharazana « Tôsitôsy » izay azo ambara fa batrelaky somary nohafainganina kokoa ny gadona rehefa milalao azy. Io no ilofosan'Andriamanambina Feno Faneva Anthonio, mitondra ny solon' anarana hoe : « Neva". Teo amin'ny faha- 12 taonany i Neva no efa nitendry gitara. Nampianatena hatrany ny tovolahy ary azo lazaina fa nanampy betsaka azy tamin'ny fanatevenana ny talenta ananany ny naha mpikambana azy teo anivon'ny antoko mpihira. Fianakaviana tia mozika rahateo no nipoirany. Milalao ny gadona milamina sy ny mihetsika ihany koa ny tovolahy ary havanana amin'ny famoronana tononkira sy ny feony. Mampiavaka an'i Neva ny fikarohana ny fampiarahana ny "Tôsitôsy" amin' ny bankira hafa toy ny "Salegy". Heno io voka-pikarohana lalina nataon'i Neva io ao anatin'ilay vazony efa vita rindran-tsary "Ampiakaro" izay efa maro mpankafy tokoa ankehitriny. Mametraka ho laharampahamehana ny lanjan'ny tononkira anatin'ny vokakantony i Neva. Misy hafatra mafonja sy mahitsy toraka hatrany, araka izany, ireo sanganasany. Voamarina ihany koa io anatin'ny "Ampiakaro" izay manentana sy manaitra ny sain'ireo tompon'andraiki-panjakana mba hijery akaiky ny amin'ny hampakarana ny vidin'ny vokatr'ireo Tantsaha tahaka ny Jirofo, dipoavatra, kafe, sns... Ny hanatsara hatrany ireo vokatra jariany no tanjona ho an'i Neva. "Maro ireo sedra mafy nolalovako sy mbola hatrehako ankehitriny eo amin'ny fikirakirana ny mozika sy ny fiatrehana ny fiainana", hoy i Neva fa tsy natao hahakivy izany. Miara-misalahy aminy i Manager Fabrice, izay tsy mitandro hasasarana amin'ny fanohanana azy. Raha fintinina, vonona hanandratra avo ny mozika malagasy i Neva, amin'ny alalan'ny fikarohana tsy miato hataony ho fanabeazam-boho ny kanto an-kira. Andalana ho amin'ny famoahana sanganasa vaovao ny tovolahy ankehitriny.


Neva, vonona ny hiroso hatrany amin'ny Mozika.

**Lalasoa Razafindrakoto**

Telma Coupe de Madagascar 2023

# Ireo vokatra ny sabotsy sy alahady teo

Tontosa tamin'ny sabotsy 27 sy tamin'ny alahady 28 mey 2023 ihany koa, ireo lalao tafiditra amin'ny dingana savaranonando faharoa, amin'ny fifaninanana baolina kitra « Telma Coupe de Madagascar 2023 », ka nahazoana ny vokatra : Effca Mi 20 Analamanga (1) – (0) Ac Sabnama Analamanga, Fc Rouge Analamanga (6) – (0) Jsb Bevato Bongolava, Fc Valence Analamanga (0) – (3) Toulon Académie Analamanga, As St Analamanga 3(5) – 3(6) Ffam Analamanga, Sphinx Vakinankaratra (4) – (1) Vas-Y Boaikely Matsiatra Ambony, Sirama Diana (3) – (F) Tamitsa Sofia, Fco Boeny (2) - (3) Us Pro Analamanga, Pckb Boeny 1( – 1(7) As Ste Anne Analamanga, Mmm Atsinanana (1) – (3) As Fanalamanga D1 Alaotra Mangoro, Ajeset Atsinanana 0(4) – 0(1) Talenta Académie Atsinanana, Va Akademia Alaotra Mangoro (3) – (2) As Futuro Analamanga, Fc Amoron'i Mania Amron'i Mania (5) – (2) Jsf Amoron'i Mania, As 3 A Amoron'i Mania (3) – (1) Fc Korintianina Matsiatra Ambony, Cftfc Analamanga (6) – (0) Cffja Bongolava, Cffa Espoir Analamanga (4) – (0) Fc Mailaka Bongolava, Net Foot Analamanga (4) – (2) Grenade Itasy, As Roro Analamanga (1) – (3) Mangarano Fc Atsinanana, Cosa Ds Diana 0(5) – 0(6) Fc Landric Sava, As Justice Sofia (2) – (1) Kfca Diana, Boriziny Formation 0(4) – 0(2) Jtm Fc Boeny, Fc Mahavatsy Analanjirofo 0(7) – 0(6) As Corbeau Bleu Atsinanana, Kakambary Analanjirofo (7) – (0) Les Olivers Vertes Atsinanana, Alk Formation (3) – (5) As Comato Atsimo Andrefana, Fomela Matsiatra Ambony (2) – (1) Ofamata Matsiatra ambony, Talenta Ampahimanga Itasy (1) – (3) Fc Viva Analamanga, As2 Brinks Itasy (1) – (3) Kinga Sport Analamanga, Fc Mapaci Atsimo andrefana (3) – (2) Cosa Atsimo Andrefana, Jet Bongolava (5) – (1) Assefama, Réseaux Fort (3) – (2) Real Masianaka Atsimo Atsinanana.



Telma Coupe de Madagascar.

**Rainilita**

Mondial basket 3x3 Autriche 2023

# Nifanehatra tamin'ireo mazana ny Ankoay 3x3 Malagasy

Tena avo lenta tanteraka ny fifaninanana basikety 3x3 maneran-tany, izay tontosaina ankehitriny any Vienne Autriche, ka azo ambara fa nifanehatra tamin'ireo mazana ny ekipan'ny Ankoay lehilahy Malagasy ary dia resy indroa miantoana sahady teo amin'ny fidirany antsehatra amin'ny fifaninanana tamin'ny talata 30 mey 2023 teo. Vokatra azo : Madagascar 09 – 21 Serbie, Madagascar 16 - 20 Allemagne. Anio alakamisy 01 jona 2023 indray no hiaka-tsehatra fanindroany eo amin'ny fifanintsanam-bondrona ry Elly sy ny namany araka ny fandaharam-potoana : 18h40-Brésil # Madagascar (GA), 22h05-France # Madagascar (GA).


Ny Ankoay 3x3 lehilahy 2023.

**Rainilita**

Tarika MR Razafy 60 taona

# Hihira ho an'i Neny ao amin'ny CCESCA, hahatsiaro an'i Mamy

Mankalaza ny faha-60 taona nijoroany amin'ity taona ity ny Tarika MR Razafy. Fampisehoana ho an'i Neny no anisan'ny hanamarihana an'izany amin'ny alahady 4 jona ho avy izao, fetin'ny Reny. Amin'io fampisehoana an-tsehatra io koa no hahatsiarovan'ny tarika an'i Mamy, izay mpikambana tao amin'ity tarika ity. Hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany ny fampisehoana ny alahady izao etsy aminny CCESCA Antanimena. Hamelona ireo hira efa nahafantarana ny Tarika nandritra izay 60 taona izay ny tarika, hisy ihany koa ny hira vaovao, ka ny masoandro hilentika no hampalahelo amin' io andro hankalazana ny fetin'ny Reny io ihany koa.

**Niaina**




Volleyball nasionaly 1DM sy 1DF 2023

# Nanao pao-droa ny GNVB

Nifarana tamin'ny alahady 28 mey 2023 tany amin'ny kianja mitafon'ny DRJS Toamasina, ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara 2023 sokajy 1DM sy 1DF. Ny vokatra tamin'ny ankapobeny dia nanjaka tanteraka, ka nanao pao-droa ny ekipan'ny GNVB, lasan'izy ireo avokoa na ny amboara teo amin'ny sokajy lehilahy na ny amboara teo amin'ny sokajy vehivavy. Ny GNVB Analamanga lehilahy dia naaro ny anaram-boninahitra teo am-pelatanany tamin'ny taon-dasa rehefa nandresy ny ekipan'ny ASI Analamanga tamin'ny seta 3-0. Ny Gnbc Analamanga vehivavy kosa dia nanintsana ny voninahitra teo am-pelatanan'ny Stef'Auto Atsinanana, rehefa nandavo an'ity farany seta 3 noho 1 teo amin'ny lalao famaranana. Filaharana faran'ny fifaninanana : « EQUIPES CHAMPIONNES » ==> DAMES : GNVB ANALAMANGA ==> HOMMES : GNVB ANALAMANGA « EQUIPES VICE CHAMPIONNES » ==> DAMES : STEFF'AUTO ATSINANANA ==> HOMMES : ASI ANALAMANGA « 3ème PLACES » : ==> DAMES : ASI ANALAMANGA ==> HOMMES : CVBF ATSIMO ATSINANANA EQUIPES RÉVÉLATIONS 2023 : DAMES : SQUAD ANALAMANGA , HOMMES : CVBF FARAFANGANA.

**Rainilita**



Equipe Championne 2023 vehivavy.